# MIHAINOA

**Salamo 81 :8 :** *« Mihainoa, ry oloko, dia hambarako aminao ».* MIHAINOA. Izy tsy hanambara aminao na inona na inona raha tsy mihaino ianao e. Misy olona mitaraina : « Pasitera an,mba mamaky mofon'aina ihany aho fa maina be ». Ka ianao tsy vonona hihaino ko. **Salamo 81 :11 :** *« Fa tsy nihaino ny feoko ny oloko; ary ny Isiraely tsy nankatò Ahy".* **Salamo 81 :13 :** *« Enga anie ka hihaino Ahy ny oloko, dia handeha amin'ny lalako ny Isiraely ».*

Mampieritreritra satria milaza ny fontsika ry havana sy ny fombantsika ny **and.12 :** *« Ka dia navelako hanaraka ny ditry ny fony Izy, handehanany manaraka ny fisainan'ny tenany ».*

Ka dia navelako nanaraka ny ditry ny fony izy. Ny fontsika io : maditra io. Maditra i9 fontsika io. AZA ATAO AO AMBAVANAO INTSONY, NA TENENINA AMIN'NY NAMANAO INTSONY NY HOE : « SUIS TON CŒUR », « ECOUTE TON CŒUR ». Aoka izay ny miteny an'izany ry havana ô. **Jeremia 17 :9 :** *« Ny fo dia mamitaka mihoatra noho ny zavatra rehetra ».* Mamitaka io fonao io. Teneninao ilay olona hoe « suis ton cœur » : voafitaka ilay olona e.

Ary eto Andriamanitra dia tena hoe : rehefa miziriziry ianao tsy hihaino Azy, tsy hanaraka Ahy, tsy hitandrina ny teniko : avelako ianao hanaraka ny ditry ny fonao. Olona manaraka ny ditry ny fony : efa famaizana izany.

Fa izay ilay fahamarinana eto, hoy ilay **and.8** hoe : MIHAINOA.

Jereo izany fitiavan'Andriamanitra antsika : « ny andrasako aminao izay manana fiainana focalisé Amiko : mihainoa ». Malahelo Andriamanitra eo amin'ny **and.11** : *« Fa tsy nihaino ny feoko ny oloko ».* Malahelo Izy. Fa Andriamanitra mamindra fo, dia hoy ilay **and.13** hoe : *« Enga anie ka hihaino Ahy ny oloko ».* Miteny Izy hoe « mihainoa », dia manao constat Izy, malahelo fa tsy nihaino izy. Fa mbola misahirana Izy, mahari-

po Izy : *« Enga anie ka hihaino Ahy ny oloko ».*

Andeha isika handinin-tena ny amin'ny fihainoana an'Andriamanitra. Andeha hifona isika ny amin'ny nanarahantsika ny fontsika. Andeha hifona isika ny amin'ny tsy fihainoana an'Andriamanitra.